TAON-JOBILY MASINA

1- Taon-jobily masina
'Zao andro izao, ry Fiangonana ô!
Nomen'Andriamanitra
Mba ho anao sy ny taranakao!
Taomy ireo hiverina
Hanatona ny Tompo Masina,
'Lay Ray Tsitoha 'Zay Mpanasoa,
Izy no Tompon'ny Fiangonana!

Ref: *Ô! Mifalia (ianao) sy mihobia (izao)*
Fitahian-dehibe no efa azonao.
'Ndao mba hiaraka hampandroso ny Fiangonana,
He, miantso anao izao ny Tomponao!

2- Taon-jobily masina!
Ô ry vahoakan'andriamanitra ô!
Asehoy ny herinao
Amin'ny teny sy ny asanao!
Aza kivy, mandrosoa,
Fa Izy anie no Loha-làlanao
Hivimbina, hitantana,
Sy afaka hanome fiainana!

3- Taon-jobily masina!
Ka mifalia, ry olombelona ô!
Miaraha làlana,
Tsy mifandao, fa mifanohana!
Fahasoavan-dehibe
Raha mandeha mifampitantana,
Miara-dia, mifankatia,
Fa samy zanak'Andriamanitra !

RAKOTONIZAO Ihanjarinisa Miliniaina